HEBREO, TOKO FAHAROA [1]

. . .-sitraka, teto tao anatin'ny kilasy ary nankasitraka ny. . . [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] Ary ankehitriny ny Boky voalohany an'ny Hebreo, dia i Paoly, izay fantatsika, na inoantsika. Eo amin'ny farany ireo teolojiana; tsy fantatr'izy ireo marina hoe iza, na iza no nanoratra Azy. Saingy, mino aho, fa ny olona iray miaraka amin'ny famantarana ara-panahy kely iray dia hahita fa i Paoly izany. Izany dia—izany dia inoana, eo amin'ny ankamaroan'ireo mpanoratra, hoe i Paoly. Ary ahoana fa izy. . .

2 Ao amin'ny toko faha-1, dia nahita isika fa nanandratra ny Tompo Jesosy izany. Oh, toy ny ahoana no namoahany, mba haneho tamin'ny alàlan'ny—tamin'ny alàlan'ny fahatsapana izay efa nananany teny amin'ny làlany nankany Damaskosy. Ankehitriny, Paoly dia, eo am-panombohana, tena teolojiana iray. Nampianarina teo ambanin'i Gamaliela i Paoly, iray amin'ireo mpampianatra tsara indrindra tamin'izany andro izany. Ary nanan-tsaina sy mahay izy, ary tena mpianatra Baiboly lalin-tsaina.

3 Ary izao no hitako, rehefa teny amin'ny làlany nankany Damaskosy izy, niaraka tamin'ireo taratasy tao am-paosiny, mba hisambotra an'ireo rehetra izay tao amin'ny fanaon'ny Filazantsara tranainy voatahy, fa tso-po ilay lehilahy. Saingy, efa nino foana aho fa hatramin'ny nahitan'i Paoly an'i Stefana maty, dia heveriko fa tsy maintsy nanozongozona azy izany. Rehefa nanaiky ny fahafatesan'i Stefana izy, ka nihazona ny akanjon'ireo izay nitora-bato azy, tamin'izay fotoana izay dia tompon'andraikitra ny amin'ny ràn'i Stefana i Paoly. Ary niaiky izy, ka nanao hoe, "Tsy mendrika akory aza aho," hoy izy, "satria aho nandatsaka ny ràn'ny Azy—an'ny Azy, ilay maritiora, Stefana." Satria, vavolombelon'izany izy.

4 Ary raha vavolombelon'ny zavatra iray ianareo, dia tompon'andraikitra mihitsy ho toy ny mpandray anjara amin'izany. Noho izany raha vavolombelona isika, manao hoe, "Oh, eny, tsy tokony nanao an'ity izy ireo, ity *izao-sy-izao* ity," dia mitandrema tsara amin'izay lazainareo, satria tompon'andraikitra amin'ny fomba fitsaranareo ianareo. Raha tsy afaka manapa-kevitra ianareo, dia aza milaza na inona na inona, apetraho tsara fotsiny izany. Noho izany rehefa manambara ianareo fa Kristiana iray, amin'izay fotoana izay dia tompon'andraikitra ianareo. Hitanareo? Tompon'andraikitra amin'ny maha-Kristiana iray ianareo, ka tsy maintsy miaina amin'izany. Ary rehefa Andriamanitra no manao ny—ny Fampanantenana ao amin'ny Baiboly. . . Mahita lehilahy iray ao amin'ny seza misy kodiarana iray aho eto. Rehefa manao

Fampanantenana iray Andriamanitra, dia tompon'andraikitra amin'izany Fampanantenana izany Izy mandra-Panaony an'Izany hiseho. Tompon'andraikitra Andriamanitra rehefa manao Fampanantenana iray Izy. Ary tompon'andraikitra ireo Soratra mandra-pahatanterak'Izy ireo. Hitanareo? Izy ireo dia—Izy ireo dia eo mihitsy ho—ho fanambarana iray izay nataon'Andriamanitra. Ary tsy maintsy tanteraka Izany fa raha tsy izany dia tompon'andraikitra Andriamanitra. Hitanareo?

5 Ary noho izany i Paoly, satria mpampianatra iray, dia nandeha teny amin'ny làlany nankany Damaskosy tamin'io andro io, teo amin'ny, teo amin'ny fotoan'ny mitataovovonana teo, heveriko. Nisy Hazavana lehibe iray namiratra avy tany Andanitra, ary nanajamba azy Izany, ary izy—lavo tamin'ny tany izy. Ary nilaza izy fa te-hahafantatra hoe Iza io. Nilaza izy fa nisy Feo iray niteny, ka nanao hoe, "Saoly, Saoly, nahoana ianao no manenjika Ahy?" Mino aho fa ny toko faha-8-n'ny Asa izany.

Dia hoy izy hoe, "Iza moa Izany enjehiko izany?"

6 Dia niverina indray ilay Feo, ka nanao hoe, "Izaho no Jesosy." Oh! "Izaho no Jesosy, ary sarotra ho anao ny hitsipaka an'ireo fanindronana." Ary inona Jesosy tamin'izany? Jesosy, Izy no ilay Hazavana, Hazavana goavana iray mihitsy izay namiratra nanjelanjelatra.

7 Ankehitriny mba hampaherezana antsika sy hahazoana fototra iray eto. Ahoana no naha-Hazavana iray Azy, nefa Olona iray Izy? Ankehitriny, tsy nisy anankiray . . .

Nisy andiana miaramila teo niaraka tamin'i Paoly, ireo mpiambina ny tempoly, nandeha tany mba hanao ny fisamborana. I Paoly no lohan'ny kapiteny. Ary nandeha tany izy ireo mba hisambotra an'ireo olona ireo, noho ireo asampitorian'izy ireo sy ny sisa, ary nohon'ny fanantenana arapivavahany izay nitoetra tao anatin'izy ireo.

8 Nefa, ankehitriny, indro fa teo Jesosy toy ny Hazavana goavana iray. Ankehitriny, raha tsaroanareo, tamin'ny voalohany, dia Hazavana iray Jesosy. Jesosy no ilay Logos izay nivoaka avy tamin'Andriamanitra. Ary Izy no ilay . . . Izy no ilay Anjelin'ny Fanekena izay nitarika an'ireo zanak'Isiraely nanerana ny an-efitra. Ary Izy no ilay Andry Afo izay nojeren'izy ireo. Ary Izy no . . . Ary rehefa teto an-tany Izy, dia hoy Izy hoe, "Avy tamin'Andriamanitra Aho, ka hiverina amin'Andriamanitra Aho." Noho izany raha avy tamin'ny Andry Afo iray Izy, nankao amin'ny Olona iray, tamin'izay fotoana izay raha niverina tany amin'izay nisy Azy Izy, dia niverina ho Hazavana iray indray Izy. Ary teo Izy rehefa nahita Azy i Paoly, dia Hazavana iray Izy.

9 Ankehitriny, ireo miaramila rehetra izay niaraka tamin'i Paoly ireo dia tsy nahita an'ilay Hazavana. Noho izany dia mety ve hoe afaka mahita an'Izany ny anankiray nefa ireo hafa

dia tsy hahita an'Izany? Izany tokoa. Eny àry. Izy, i Paoly, no nahita an'Izany, fa ny sisa tamin'izy ireo dia tsy nahita an'ilay Hazavana.

10 Ankehitriny, rehefa tao an-tranomaizina i Petera, dia hitantsika fa niditra tao anatin'ilay fonja io Hazavana io, nanokatra an'ireo varavarana. Ary izy dia . . . Io Hazavana io dia nanajamba ny sisa tamin'ireo mpiambina, raha nivoaka izy ireo, nandeha i Petera. Ary rehefa tonga teo am-baravarana izy, dia nisokatra ho azy fotsiny izany, moramora, nikatona taoriany. Avy tany amin'ilay fonja anatiny indrindra, no nandehanany nankeo amin'ilay varavarana ivelany. Nisokatra ho azy ilay izy, nikatona moramora. Ary avy eo dia nandeha teo amin'ilay elanelana kely izy, nivoaka nankany amin'ny làlamben'ny tanàna. Ary nikosoka ny masony izy, toy ny milaza hoe, "Nanonofy ve aho?" Tsy fantany izay nitranga. Fa, ilay Anjelin'ny Tompo, ilay Anjely iray ihany izay Andry Afo ka nitondra an'i Mosesy teo amin'ilay ranomasina sy nanasaraka azy, oh, ary ilay Ranomasina Maty . . . ilay Ranomasina Mena dia nivalona teny amin'ireo sisiny roa, ary niampita ny Isiraely.

11 Ary rehefa tonga teo amin'ilay Jordana nanonjanonja izy ireo, dia tsy nanao ny Tenany ho azo jerena Izy teo. Fa teo Izy, satria Nosokafany fotsiny izany. Ary niampita izy ireo ny Aprily, rehefa feno rano tanteraka ireo lemaka. Dia Najanony ny lohataona, ary Najanony ny oram-panala tsy hitsonika, satria tsy niha-avo sy niha-avo ilay rindrina; nijanona fotsiny izany. Izany no Jehovah-ntsika. Izany no Tompo Jesosintsika. Nijanona fotsiny; ary niampita teo amin'ny tany maina izy ireo.

12 Ankehitriny, Andriamanitra no nampanantena fa Izy no hiahy azy ireo, noho izany dia voatery amin'Ny Fampanantenany Izy. Ankehitriny, Paoly, nahafantatra tsara an'ireo zavatra ireo, ary nahafantatra azy ireo, dia nanana tombontsoa izy, satria Andriamanitra no niresaka nivantana tamin'i Paoly. Tsy niresaka tamin'ireo miaramila izay niaraka taminy Izy. Niresaka tamin'i Paoly irery ihany Izy.

13 Ankehitriny, rehefa ilay—rehefa nidina ilay Anjelin'ny Tompo, tamin'ny endrika kintana iray; ary ireo mpandinika kintana, ireo olon-kendrin'i Inde, rehefa, nahita an'io Kintana io izy ireo dia nanaraka Azy nandritry ny an-jatony maily. Ary nandalo teo ambonin'ny trano fandinihana rehetra Izany, satria nametraka ny fotoana tamin'ny alàlan'ny kintana izy ireo. Fa tsy nisy anankiray nahita an'io Kintana io afa-tsy ireo olon-kendry. Oh, oadray! Tsy mampientanentana anareo ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

14 Noho izany, hitanareo, tsy mifanaraka amin'ireo rafi-pandaminana Andriamanitra. Tsy mifanaraka amin'ny vondron'olona Izy. Mifanaraka amin'ny isam-batan'olona Izy. Manambara ny Tenany amin'ny isam-batan'olona Izy. Ary ankehitriny—ankehitriny ny milaza an'izao, tsy hoe izao . . .

Andriamanitra no mahafantatra ny foko. Ary tsy milaza an'izao ho an'ny tombontsoa manokana, fiderana manokana; ankehitriny, fa hoe tany fotsiny aho. Fa, efa fantatrareo ve, fa io Andriamanitra iray io ihany, io Jesosy iray ihany io, dia miaraka amintsika izao maraina izao? Fantatrareo ve, fa ny tsirairay avy aminareo dia manana vavolombelona kely iray, isam-batan'olona ny amin'izany izao ankehitriny izao, hoe eto Izy? Ary dia . . . Izy dia nanao zavatra iray ho antsika amin'izao andro izao izay tsy Nataony tamin'ireo andro hafa; nanao Ny Sariny ho azo Izy amin'izao andro izao. Manana an'Izany isika mihantona *etsy* mihitsy. Hitanareo? Ilay Andry Afo, ilay Tompo Jesosy iray ihany.

15 Diniho hoe ahoana no Iasany ankehitriny. Raha Izy no ilay Tompo Jesosy iray ihany, dia hanao an'ireo zavatra iray ihany Izy, satria hoy ny Baiboly hoe, "Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay."

16 Ankehitriny, talohan'ny nilazan'i Paoly zavatra iray, na marina io na diso, dia nandeha nidina nankany Egypta izy aloha ary nandany telo taona tany, mba hahita raha ara-tSoratra izany na tsia. Efa mba fantatrareo ve izany? Taorian'ny fiovam-pon'i Paoly, dia nandeha nankany Egypta nandritry ny telo taona izy. Nitoetra tany izy, ary tany no nianarany an'ity fahendrena lehibe ity.

17 Ankehitriny, tsy misy fampitahana iray mihitsy, fa manome anareo fotsiny aho hoe ahoana fa mbola mijanona tsy miova ny Fanahy Masina. Ankehitriny, ny fiangonako eto dia mahatsiaro, taona maro lasa izay, rehefa niseho io Anjely io ka naneho an'ireo zavatra. Nisalasala kely ny amin'Izany aho. Ianareo rehetra dia mahafantatra an'izany, ianareo tamin'ny andro fahiny. Raha ianareo . . . Raha marina izany, dia atsangano ny tànanareo, raha nandre ianareo. Hia. Jereo, jereo ny fiangonana, hatramin'izao, avy amin'ireo tamin'ny andro fahiny. Hitanareo? Nisalasala aho, satria niteny tamiko ireo mpitory teny fa avy amin'ny devoly Izany. Ary somary nino an'izany aho, saingy niandry aho. Tsy nilaza na inona na inona nikasika an'Izany aho.

18 Fa, oh, isaorana anie ny Anaran'ny Tompo! Indray alina, tany, dia nidina Izy, Anjely iray, ka nanambara an'Izany tao anatin'ny Soratra, fa Izy izany. Ary rehefa nahita an'Izany tao anatin'ny Soratra aho, tamin'izay fotoana izay mba hanapoaka an'Izany manerana an'izao tontolo izao, ny Hafatra.

19 Nanomboka teo dia nisy an'i Oral Roberts, A. A. Allen, Tommy Osborn, Tommy Hicks, ary inona koa. Hitanareo? Izany dia Hafatra iray ho an'ny olona.

20 Ary Jesosy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Ara-tSoratra dia, tsy miova Izy. Manao an'ilay zavatra iray ihany Izy. Tsy miova Izy. Ary miasa tsy miova Izy. Maneho ny Tenany tsy miova Izy. Ary eto Izy, izao maraina izao, ilay tsy miova.

Ankehitriny dia enga anie isika hahita Azy; mety tsy mahita isika. Na inona na inona ilay izy, dia manana vavolombelona iray isika izao ankehitriny izao fa eto Izy.

21 Ankehitriny, mahita isika ankehitriny fa, Paoly, teo amin'ity fahatsapana ity, ka nanoratra an'ireto epistily ireto, ny ankamaroan'izy ireo, avy tao am-ponja, dia nampitaha ny Testamenta Taloha sy ny Vaovao izy. Tsarovy ankehitriny, fa ny mpanoratra farany an'ity Baiboly ity, tamin'ny alàlan'ny tsindrimandry, dia nidina Andriamanitra ary niteny taminy hoe, "Raha misy olona iray hanampy zavatra amin'Izany na hanaisotra zavatra avy amin'Izany, dia toy izany koa no hanesorana ny anjara ao amin'ny Bokin'ny Fiainana, ho azy." Noho izany dia tsy ho sahy hanampy zavatra anankiray amin'Izany isika. Oh, tsy maintsy mijanona arak'izay maha-izy Azy Izy, tsy tokony hisy zavatra iray ampiana amin'Izany. Ary tsy maintsy manohitra ny zavatra rehetra izay tsy ao anatin'Izany isika. Tsy mila zavatra amboniny aho, ary tsy mila zavatra latsaka. Izay Lazainy fotsiny no ilaiko.

22 Ankehitriny, ity Bokin'ny Hebreo ity, ny antony nifidianako Azy; tanjona tokana, zavatra tokana; ity taratasy ity hoe, "Rahalahy Branham malala," sy ny sisa. Ary, izaho—izaho, tiantsika ny hijanona miaraka amin'ny Teny.

23 Ankehitriny, ny toko faha-1, dia manandratra an'i Jesosy, noho izany dia Izy no ilay Anankiray lehibe. Ary namela antsika hahafantatra i Paoly, indray hariva, fa Izy dia tao amin'ilay fiandohana lehibe. Ary hitantsika fa Izy dia tsy hafa fa "Melkizedeka, ilay Mpanjakan'i Salema," ilay Lehibe an'ny toko faha-7.

24 Ary ankehitriny, izao maraina izao, isika dia manatona Azy avy amin'ny foto-kevitra hafa—hafa iray, avy amin'ny toko faha-2. Ankehitriny, Paoly rehefa avy nanome antsika an'io Hafatra lehibe, mahafinaritra io, ny amin'ny fanandratana an'i Jesosy hoe, "Ary nanao an'ireo Anjely hanompo Azy mihitsy aza." Ary mieritreritra aho, eto, ohatra hoe ny tany, tranainy toy ny ahoana izy: "Ary Havalony tahaka ny fitafiana iray izany, saingy ho levona izy ireo, fa Ianao no maharitra."

25 Ary ao amin'ny toko faha-2, na, ny andininy faha-2, mino aho fa izay ilay izy hoe, "Niteny tamintsika tamin'ny alàlan'Ny Zanany Izy." Ary, jereo, "Fotoana samihafa sy fanao samihafa no Nitenenany tamin'ny alàlan'ireo mpaminany." Efa nandalovantsika sy hitantsika hoe inona ireo mpaminany, ary ahoana no nitondran'Andriamanitra Ny Hafany tamin'ny alàlan'ireo mpaminany. "Fa amin'izao andro farany izao dia niteny tamin'ny alàlan'Ny Zanany Izy, Jesosy, tamin'ny alàlan'ny Fanahy Masina. Niteny tamin'ny alàlan'ireo mpaminany Izy, tamin'izany." Avy eo dia niverina tany aoriana isika ka nahita, fa ireo mpaminany ireo dia nanana ny Fanahin'i Kristy tao anatin'izy ireo.

26 Niverina tany amin'i Josefa isika ka nahita fa izy dia nanao tandindona tanteraka tokoa an'i Kristy. Niverina tany amin'i Mosesy ka nahita fa izy dia nanao tandindona tanteraka tokoa an'i Kristy. Avy eo isika dia tonga hatreo amin'i Davida mihitsy aza. Ary rehefa nolavina Davida tao Jerosalema, tsy nahafantatra hoe nahoana, saingy niakatra teo ambonin'ilay havoana izy ary nijery tany aoriana, teo amin'ny Tendrombohitra Oliva, ary nitomany an'i Jerosalema satria nolavina izy. Valonjato taona taorian'izany, dia nolavina ilay Zanak'i Davida amin'ny maha-Mpanjaka, tao Jerosalema, ka nipetraka teo amin'ilay havoana iray ihany ary nitomany. Oh, ilay Fanahin'i Kristy, mifanaraka amin'ny isam-batan'olona!

27 Ankehitriny, manomboka i Paoly, mba hilaza hoe:

> *Amin'izany dia tokony hotandremantsika mafimafy kokoa ireo zavatra izay efa rentsika, . . .*

28 Toko faha-2, ankehitriny, manomboka isika.

> *Amin'izany dia tokony hotandremantsika mafimafy kokoa ireo zavatra izay efa rentsika, fandrao . . . havelantsika hiala izy ireo amin'ny fotoana rehetra.*

29 Oh, enga anie Andriamanitra mba hampiditra an'izany ato amin'ity tabernakla ity izao maraina izao. Mivavaka aho mba handentehan'ny Fanahy Masina an'izany lalina ao am-ponareo. "Tokony hotandremantsika mafimafy kokoa ireo zavatra izay efa rentsika." Tokony ho karazan'olona inona isika, rehefa mahita an'ilay Jehovah lehibe midina ka manao an'ireo zavatra izay Ataony, ary mahita azy ireo nampitahaina, Soratra isaky ny Soratra, fa izy ireo no Fahamarinana? Nefa isika dia mipetraka eo indraindray tahaka ny fivontosana iray eo ambonin'ny vatan-kazo, ary tena tsy miraika mihitsy. Tokony ho sahirana isika, isa-minitra, miezaka mitondra olona eo amin'i Kristy. Tokony ho vato velona isika. Tsy tokony ho kamo tahaka ny maha-izy antsika mihitsy isika. Handeha any am-piangonana isika, ary hahita ny Tompo Jesosy manao zavatra, na—na mitahy antsika amin'ny fomba iray, nefa avy eo isika dia—handeha hiverina isika ka hanao hoe, "Tena fivoriana mahafinaritra."

30 Ankehitriny, ny fitoriana ny Teny, mankasitraka an'izany isika, saingy tsy izany no zava-dehibe. Tsy izany ilay izy. Tsy tokony hanompo ny Tompo aorian'ny hahavitantsika ny fitoriana ny Teny fotsiny isika, araka ny ataontsika mahazatra, manompo Azy fotsiny. Mahafinaritra izany. Saingy tokony hanompo Azy amin'ny ora rehetra an'ny fiainantsika isika. Rehefa any am-piasana isika, dia tokony hanompo Azy. Amin'ny fotoana rehetra hisehoan'ny fanararaotra, dia manompoa ny Tompo amin'ny fijoroana vavolombelona ny Aminy.

Raha mahita ianareo, ny sasany aminareo ramatoa, mahita vehivavy iray ao amin'ny fahadisoana, dia manompoa ny Tompo

amin'ny fandraisana azy ka manao hoe, "Rahavavy, misy fiainana iray tsaratsara kokoa noho izao."

31 Ianareo lehilahy any am-piasana, rehefa mandre lehilahy iray mampiasa foana ny Anaran'ny Tompo ianareo, dia makà anjara iray ary mitsofoha, ka raiso amin'ny tànana izy, ary manaova hoe, "Ianao, misy fiainana iray tsaratsara kokoa noho izao. Tsy tokony hampiasa an'ireo teny ireo ianao." Ary mitenena aminy amin'ny fomba mora fanahy, malemy fanahy. Ireo zavatra rehetra ireo dia fanompoana iray.

Ary rehefa mahita olona iray marary isika, ka milaza ny dokotera fa tsy misy na inona na inona azo atao intsony, dia tokony hanompo ny Tompo isika amin'ny fitenenana amin'izy ireo hoe, "Misy Andriamanitry ny Lanitra iray izay mamaly vavaka."

32 Ary amin'izay fotoana izay rehefa mahita an'ireo zavatra ireo miseho isika, izay tena hitantsika fa miseho sy vita, dia tsy tokony hamela an'ireo zavatra ireo hikorisa fotsiny isika. Avelantsika handalo fotsiny eo amin'ireo rantsan-tànantsika izany. Izany no olana amin'ilay fiangonana Pentekotista malaza amin'izao andro izao. Navelan'izy ireo hikorisa eo amin'ny rantsan-tànan'izy ireo ilay tena habetsahan'ny hero-dronono, nefa nananan'izy ireo teo an-tànany izany. Fa, jereo izay nataon'izy ireo, nanao tahaka ny sisa tamin'ireo fiangonana izy ireo. "Izy ireo dia niditra tao amin'ilay fikom-. . . tao amin'ny làlan'i Kora, ka levona; ary ny làlan'i Kaina, ka levona tao amin'ny fikomian'i Kora."

33 Nandrafitra izy ireo. Raha tokony nanana firahalahiana izay ahafahantsika rehetra ho iray, dia nifandrafitra izy ireo. Nanao rafi-pandaminana kely sy isma kely, ary nipoitra avy tao ka nanimba ny firahalahiana fotsiny. Ary raha tsy mitandrina ianareo, dia ny Batista sy ireo Presbyterana no hahazo an'izany, satria, "Andriamanitra dia mahay manangana zanaka ho an'i Abrahama amin'ireo vato ireo." Ary isika dia—isika dia namela an'izany hikorisa niala tamin'ny tànantsika tamin'ny alàlan'ny fisaratsarahana.

34 Ahoana no nahaverezan'ireo Indiana an'ity firenena ity ho an'ny olona fotsy hoditra? Izany dia satria nisaratsaraka izy ireo. Raha nanao lohan'ady goavana anankiray izy ireo . . . Fa izy samy izy no niady. Ho nahatazona ny taniny izy ireo raha tonga niaraka izy rehetra.

35 Ahoana no hahaverezantsika an'izany? Satria misaratsaraka isika. Ahoana no ahaverezantsika ny fahatsapantsika miaraka amin'Andriamanitra, dia satria misaratsaraka isika. Manangana anankiray isika, ary miantso an'*ity* hoe ny—ny Metodista, ary *ity* ny Batista, ary *ity* ny Assemblées, ary *ity* ny an'ny Tokana, ary *ity* ny *zavatra-hafa*, sy ny fiangonan'Andriamanitra, sy ny Nazareana, ny Mpivahinin'ny

Fahamasinana. Mampisaratsaraka ny Vatan'i Kristy isika. Tsy tokony ho voazarazara mihitsy isika. Mety samy hafa isika eo amin'ireo hevitra, saingy ndao isika ho mpirahalahy amin'ny fo-amin'ny-fo. Mila antsika ho izany Andriamanitra. Maty ho an'ilay Fiangonan'Andriamanitra manontolo Izy. Ary tsy ilaintsika ny hisaratsaraka.

> Ankehitriny *dia tokony hotandremantsika mafy* indrindra . . . fandrao *havelantsika hiala izy ireo amin'ny fotoana rehetra.*
>
> *Fa raha ny teny nampilazaina ny anjely* no *natao mafy,* . . .

36 Renareo ve Izany? "Raha ny teny nampilazaina ny anjely . . . " Ankehitriny, *anjely* dia ny "iraka." Ny teny hoe *anjely* dia midika hoe "iraka iray." Ary vao avy hitantsika, ao amin'ny boky faha-1 eto hoe, "Andriamanitra, tamin'ny fotoana samihafa sy fanao samihafa, dia niteny tamin'ireo razana tamin'ny alàlan'ireo mpaminany." Ireo irak'Andriamanitra izany. Ary izy ireo dia, raha irak'Andriamanitra izy ireo, dia anjelin'Andriamanitra. Ny iraka iray dia anjely iray; na ny anjely iray dia iraka iray, raha ny marina.

37 Iraka iray! Iraka iray ianareo, izao maraina izao. Ianareo dia . . . Iraka iray an'ny vaovao tsara ianareo na iraka iray an'ny vaovao ratsy. Oh, tsy tsara tarehy ve izany, ny mahafantatra fa ambasadaoro isika, hoe anjely isika, ireo iraky ny fitsanganana? Ary irak'Andriamanitra ho an'izao tontolo izao mpanota isika, hoe velona Kristy. Ao am-pontsika, dia velona Izy. Ao amin'ny fanahintsika, dia velona Izy. Ary Izy no mitondra antsika avy ao amin'ny fiainam-pahotana ambany tsy voafehy, ka manandratra antsika, ary manome antsika "haleloia" iray ao amin'ny fanahintsika, ka manao antsika ho olom-baovao. Iraka isika, anjelin'ny Fanekena. Mahafinaritra toy ny ahoana!

38 Ary ankehitriny, ao amin'ny Testamenta Taloha hoe, "Raha—raha ny teny nampilazaina ny anjely no natao mafy," dia tahaka an'izany no tokony hahamarina azy. Ao amin'ny Testamenta Taloha, talohan'ny nahafahan'ny tenin'ny mpaminany iray ho tonga voaseho, dia tsy maintsy nodinihana sy voaporofo izany. Tsy namotsotra an'izany izy ireo, tahaka antsika amin'izao andro izao.

39 Mandeha fotsiny dia mahazo karazana fahatsapana iray, na zavatra hafa hoe, "Oh, voninahitra ho an'Andriamanitra, izay ilay izy!" Diso ianareo.

Ny Baiboly dia nilaza, fa, "Amin'ny andro farany, dia haka tahaka ny Kristianisma ny devoly, tena hifanakaiky, hany ka hamitaka an'ilay tena Voafidy izany raha azo atao." Marina izany. Noho izany, tsy maintsy mitsapa an'izany isika.

40 Ary ahoana no nitsapan'izy ireo an'izany tamin'ny androny? Teo amin'ny Orima Tomima. Ilay aron-tratran'i Arona, izay

nanana an'ireo vato ireo: karbonkolo, jaspy, diamondra, voahangy, safira. Ireo vato rehetra ireo, izay maneho ny fahaterahan'ireo patriarka roa ambin'ny folo, dia teo amin'ny aron-tratran'i Arona. Ary rehefa naminany ny mpaminany iray, ka nipiapiaka teo ambonin'izany ilay Hazavana masina, dia hoy Andriamanitra hoe, "Izany no Fahamarinana." Fa, tsy mampaninona na toa tena misy toy ny ahoana aza ilay izy, raha tsy nipiapiaka teo amin'izany ilay izy, dia tsy izany no Fahamarinana. Noho izany, nandeha niaraka tamin'ny asampisoronana io Orima Tomima io.

41 Fa ity Baiboly ity no Orima Tomiman'Andriamanitra amin'izao andro izao. Ary rehefa maminany ny mpaminany iray, dia tsy maintsy mipiapiaka tanteraka miaraka amin'ny Baiboly izany. Amin'izay fotoana izay, dia milaza Andriamanitra, amin'izay fotoana izay dia midina Izy ary manaporofo an'Izany.

42 Oh, ahoana no ahafahako manome voninahitra an'Andriamanitra androany! Mieritreritra indray ny Alahady maraina hafa iray aho, saiky tahaka an'izao, rehefa nandao ny tabernakla aho. Ary nitomany ianareo olona ka nangataka ahy tsy handeha. Fa, tamin'izany, dia nitory ny amin'i Davida sy Goliata aho, ary ahoana no hanatrehanareo an'ity izao tontolo izao mangatsiaka, tsy miraika ity izay milaza fa efa lasa ireo andron'ny fahagagana.

43 Hoy aho hoe, "Misy olom-be goavana anankiray, ka vantany vao afaka mahafaty azy isika, dia hahazo faherezana ny sisa amin'izy ireo." Ary nanaiky an'izany ny Tompo. Ary avy eo dia nisy Oral Roberts iray sy Jaggers iray, sy ny sisa, nanatsoaka ny Sabatra, ka niady tamin'ilay fahavalo isika hiala amin'ny firenena, nampangiana ny vavan'izy ireo. Tsy afaka milaza izy ireo fa tsy mitranga ireo fahagagana, satria eto izy ireo. Azo antoka. Mandrakizay ny Tenin'Andriamanitra. Nipiapiaka teo amin'ilay Orima Izany. Nipiapiaka teo amin'ny Teny, izany No Orima Tomimany. Ary rehefa nipiapiaka teo amin'Izany ilay izy, dia pozitifa izany.

Ary ho an'ny olona rehetra izay manana ilaina, raha mpanota iray ianareo, te-hahafantatra ianareo hoe ahoana no hahavoavonjy, "Minoa an'i Jesosy Kristy Tompo."

44 Amin'izao andro izao, dia manana zavatra betsaka isika izay tsy maintsy hataonareo. "Tokony hamadika pejy vaovao. Tokony hanao an'*ity* sy hanao an'*itsy* ianareo, mba ho voavonjy."

Mieritreritra an'ilay mpiandry fonja Filipiana iray aho, rehefa nanontany an'i Paoly ity mpiandry fonja ity hoe, "Inona no tokony hataoko mba hahavoavonjy ahy?"

Raha ianareo na izaho ilay izy, dia ho niteny taminy an'ireo zavatra izay *tsy* tokony hataony isika. "Tokony hijanona tsy hisotro ianao. Tokony hijanona tsy hiloka ianao, ny filokanao.

Tokony hijanona amin'*ity* ianao. Tokony hijanona amin'*itsy* ianao."

Tsy niteny taminy an'izany mihitsy i Paoly. Niteny taminy fotsiny an'ireo zavatra izay *tokony* hataony izy. "Minoa an'i Jesosy Kristy Tompo, dia hovonjena ianao."

45 Ankehitriny, "Izay mandre Ny Teniko ka mino Izay naniraka Ahy no manana Fiainana mandrakizay." Izany no Orima Tomima mipiapiaka, Masindahy Jaona 5:24. "Izaho no Tompo izay manasitrana ny aretinao rehetra." Jakoba 5:14, "Antsoy ireo loholona, hosory diloilo izy ireo, ny vavaky ny finoana no hamonjy an'ilay marary." Mipiapiaka ilay Orima. Hitanareo? Izany no Tenin'Andriamanitra Mandrakizay.

46 Tsy ahoako na firy ireo athée, tsy mahatoky, mpahalala fitsipika, mpisalasala izay mitsangana. Hanohana Ny Teniny Andriamanitra. Izy no nampanantena fa Hataony izany.

47 "Ary tokony hotandremantsika mafimafy kokoa ireo zavatra izay efa rentsika, fandrao avelantsika hiala izy ireny amin'ny fotoana rehetra. Fa raha ny teny nampilazaina ny anjely (ireo mpaminany) no natao mafy . . ." Izany ve izy ireo? Afaka mandany herinandro iray eo amin'io isika.

48 Natao mafy ve izany rehefa niteny i Mosesy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Azo antoka fa izany izy.

Ahoana ny amin'i Elia, nipetraka teo an-tampon'ny tendrombohitra? Niteny taminy ny Tompo hoe, "Miakara any, ry Elia. Hijanona miaraka aminao any Aho; mila fiombonana iray." Tian'Andriamanitra ny miombona miaraka amin'ny Olony. Saingy isika no tsy hipetraka tsara maharitra ela mba Hiombonany miaraka amintsika. Sahirana loatra isika hiala amin'izany, mitety toerana, ary tena betsaka. "Mipetraha tsara, ry Elia." Nila fiombonana telo taona sy enim-bolana Izy. Isika tsy afaka manome telo minitra ho Azy, zara. Fiombonana telo taona sy tapany tsy ankitsahatra. Oh, tiako izany! Hoy Izy, "Aza manahy ny amin'ny fandrahoana; hanana ny efa voamboatra isika. Ny goaika no hamahana anao. Ary ho mety tsara ny zavatra rehetra. Mila fiombonana iray fotsiny Aho." Ity mpaminany antitra ity, Elia, nipetraka teo an-tampon'ny tendrombohitra, raha mbola niombona tamin'Andriamanitra izy, nahoana, dia hoy ilay kapiteny hoe, "Mino aho fa handeha hiakatra ka hahazo azy." Ankehitriny, aza manandrana manapaka an'io fiombonana io mihitsy ianareo.

49 Noho izany, niakatra ilay kapiteny, niaraka tamin'ny lehilahin'ny tafiny lehibe, dimampolo. Ary hoy izy hoe, "Izaho—izaho—tonga haka anao aho, ry Elia."

50 Ary nitsangana i Elia. Tandremo, indro ny mpaminanin'ny Tompo! Hoy izy hoe, "Raha mpanompon'ny Tompo aho, dia aoka hisy afo avy any an-danitra ka handevona anao." Dia nidina ny afo. Nilaza ilay kapiteny . . .

51 "Oh, mba fantatrao moa?" Ilay mpanjaka, raha ny marina, no nanao hoe, "Izany angamba dia—dia tsela-baratra iray, tselatra iray fotsiny no nandalo teo ambony, ka namely azy ireo. Handefa dimampolo hafa aho."

52 Nitsangana i Elia, iray amin'ireo anjely, natao mafy ny teniny. Tsy maintsy nahazo valiny iray izy tamin'ny zavatra rehetra izay nanaovany fahadisoana. Hoy izy hoe, "Raha mpanompon'ny Tompo aho, dia aoka ho tonga ny afo." Dia may ilay dimampolo faharoa. Eny àry. Ny valiny rehetra!

Raha ny teny nampilazaina ny anjely no natao mafy, ka ny fahadisoana sy ny tsi-fankatoavana *rehetra dia naharay valiny marina iray . . .*

53 Ankehitriny, ity ilay zavatra lehibe, ny andininy manaraka.

Ahoana no handosirantsika, . . .

54 "Ahoana no handosirantsika?" Raha nitondra fandravana ny feon'i Elia, satria anjelin'ny Tompo iray izy, dia ahoana no handosirantsika rehefa ny Feon'i Kristy no miteny? Na, ahoana no ahafahantsika tsy hahomby rehefa nivavahana ianareo, raha ny Feon'i Kristy Izany? Raha Kristy no nandidy Ny Fiangonany hivavaka ho an'ny marary, ka manao an'izay Lazainy ny Fiangonana hoe Izy . . . mba hataon'izy ireo, amin'izay fotoana izay dia ahoana no mba ahafahan'Izany tsy hahomby? Tsy afaka Izany. Ianareo no afaka tsy mahomby, fa Izany dia tsy afaka tsy hahomby. Ary raha mbola mihazona an'Izany foana ianareo, dia Izany no hitondra anareo hatrany.

55 Raha tsy mahomby ianareo, dia tsy nahomby tamin'ny alàlan'ny tenanareo. Miala lavitra ny Teny fotsiny ianareo. Fa raha mbola mijanona miaraka amin'ny Teny foana ianareo, dia tsy afaka tsy hahomby Izany. Fa raha ny tenin'ireo mpaminany no afaka nanao an'*izao-sy-izao*, tsy hihoatra noho izany ve ny Tenin'i Kristy?

Ahoana no handosirantsika, raha tsy mitandrina an'izao famonjena lehibe izao isika; dia izay *nampilazain'ny Tompo* tamintsika *tamin'ny* voalohany *aloha, ary nohamafisin'izay nandre azy tamintsika;*

56 Eritrereto Izany, nampilazain'ny Tompo. Impiry no hahafahantsika hiverina? Aiza no hahafahantsika hijanona, eto mihitsy mandritry ny ora iray? Rehefa tonga Jesosy, dia Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay.

57 Ankehitriny, tsarovy, tamin'ny voalohany aloha dia nampilazaina an'i Jesosy, Izy tenany, ary avy eo dia nohamafisin'ireo izay nandre Azy. Ankehitriny dia henoy Izy.

58 Rehefa tonga teto an-tany Izy, dia tsy nihambo ho mpanasitrana iray Izy. Hoy Izy hoe, "Tsy Izaho no manao an'ireo asa; izany dia Ny Raiko izay mitoetra ato Amiko. Izy no manao an'ireo asa. Tsy afaka manao na inona na inona

amin'ny Tenany ny Zanaka, afa-tsy izay Hitany ataon'ny Ray," Masindahy Jaona 5:19.

59 Diniho rehefa nanatona Azy i Filipo. Natanaela... Taorian'ny fiovam-pon'i Filipo, dia nandeha tany izy ary naka an'i Natanaela. Hoy izy, "Avia, hijery hoe Iza no hitanay: Jesosy avy any Nazareta, ilay Zanak'i Josefa."

60 Dia hoy izy hoe, "Mety hisy zavatra tsara ve avy ao Nazareta?"

61 Hoy izy, "Avia, jereo." Izany no fomba haharesy lahatra: porofoy Izany. Avia ka jereo. Oh, izany no tsara indrindra izay hany reko. Avia ka jereo amin'ny tenanareo. Aza mitsangana ka mitsikera eo amin'ilay sisin'ny laharana, fa, "Porofoy ny zavatra rehetra, ka tano mafy izay tsara." Avia ka jereo.

62 Nandeha teny amin'ny làlana izy ireo, niresaka. Rehefa niditra teo amin'ny Fanatrehan'ny Tompo Jesosy izy, dia hoy Izy hoe, "Indro ny Isiraelita izay tsy misy fitaka ao aminy."

63 Nanendaka ny hoditra rehetra teo aminy izany, saiky. Nijery nanodidina izy, nanao hoe, "Eny, Raby, oviana no mba Nahafantaranao ahy? Tsy mbola nahita ahy mihitsy Ianao. Ahoana no Ahafantaranao ahy?" Hoy i Filipo hoe...

64 "Talohan'ny, rehefa niantso izy..." Hoy Izy, "Talohan'ny niantsoan'i Filipo anao, omaly, rehefa teo ambanin'ny hazo aviavy ianao, dia efa nahita anao Aho." Amena.

65 Hoy izy hoe, "Ianao no Zanak'Andriamanitra. Ianao no Mpanjakan'ny Isiraely."

66 Niditra tao amin'Ny Fanatrehany ny vehivavy iray, dia hoy Izy hoe, "Mandehana, alaivo ny vadinao."

Hoy izy hoe, "Tsy manana anankiray aho."

67 Hoy Izy, "Marina izany. Efa nanana dimy ianao, ary ilay anankiray izay iarahanao miaina ankehitriny dia tsy anao. Niteny ny fahamarinana ianao." Eritrereto izany.

68 Hoy izy hoe, "Tompoko, hitako fa Mpaminany iray Ianao. Fa, fantatray fa rehefa tonga ny Mesia dia Izy no hiteny aminay an'ireo zavatra rehetra ireo."

69 Hoy Izy hoe, "Izaho no Izy, izay miresaka aminao."

70 Dia nihazakazaka izy ka niteny tamin'ireo lehilahy avy ao an-tanàna hoe, "Avia, jereo ny Lehilahy iray Izay niteny tamiko ny rehetra izay nataoko. Tsy izao ve no Mesia?" Izany no notenenin'ny Tompo.

71 Inona no nitranga? Nilaza Jesosy, talohan'ny Nialany hoe, "Ireo zavatra izay Ataoko, no hataonareo koa." Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] "Ireo zavatra izay Ataoko no hataonareo koa, mihoatra noho izany aza, satria mankany amin'ny Ray Aho." Oh, toa hitako izy ireo raha nandeha, hatraiza hatraiza. Marka 16, "Nandeha hatraiza

hatraiza izy ireo, nitory teny; niara-niasa tamin'izy ireo ny Tompo, nanamarina ny Teny."

Ary eto, Paoly, manome an'ilay zavatra iray ihany. Nilaza izy fa ny—ny Filazantsara dia nanomboka notorian'i Jesosy, ary nohamarinin'ireo izay nandre Azy tamintsika. Izany ilay Vato Fototra. Oh, isaorana anie ny Anaran'ny Tompo! Izany ilay Vato Fototra.

72 Ary ny mieritreritra, fa roa arivo taona izay no lasa. Nitsangana ireo athée, sy tsi-mahatoky, sy ireo mpisalasala, ary ireo mpahalala fitsipika. Fa, androany, io Jesosy iray io ihany dia manamarina Ny Teniny amin'ny fomba iray ihany avy amin'ireo izay mandre Azy. "Mandre Azy," izany dia tsy midika hoe mandre toriteny iray fotsiny. Izany dia midika hoe, mandre *Azy*. Eny.

73 Ahoana no handosirantsika? Aiza no fandosirantsika? Oh, hoy ianareo hoe, "Isaorana Andriamanitra, mikambana amin'ny fiangonana Metodista aho. Presbyterana aho. Pentekotista aho." Tsy misy idiran'izany amin'Io. Ary lasa eny amin'ny sisin'ny laharana ianareo ka te-hiantso an'Izany hoe "momba ny fanahy, na fifandraisana ara-tsaina iray, na devoly iray," na zavatra iray. Mbà menatra izy ireo!

74 "Raha nataon'ny anjely mafy ny teny rehetra . . . " Hoy Jesosy hoe, "Izany dia tsy . . . Vetivety foana, dia tsy hahita Ahy intsony izao tontolo izao. Kanefa, ianareo no hahita Ahy, satria homba anareo Aho, ho ao anatinareo mihitsy aza, hatramin'ny fiafaran'ny taona." Ary rehefa mahita Azy midina isika, mba hanohy hanamarina Ny Teniny, dia ahoana no handosirantsika raha mila vonjy any amin'ny fiangonana iray isika, na rafi-pandaminana iray, na anaram-piangonana iray, na foto-kevitra kely iray ankafizintsika avy amin'ny antsika manokana? Tsaratsara kokoa aminareo ny mamotsotra. "Fa raha ny fahotana rehetra no nahazo valiny marina iray teo ambanin'ireo anjely, dia tsy mihoatra noho izany ve rehefa miteny avy any An-danitra ny Zanak'Andriamanitra, mba hanao Ny Teniny ho voaseho! Ahoana no handosirantsika, raha tsy mitandrina an'izao famonjena tena lehibe izao isika?" Oh, oadray! "Andriamanitra koa . . . "

Andininy faha-4:

Andriamanitra koa no nanambara, . . .

75 Diniho ity. Nanambara ny Tompo. Oh, tena faly aho ny amin'izany! Nanambara ny Tompo.

76 Jereo. Rehefa nipetraka teo amin'ilay havoana i Elia, ka hoy izy hoe, "Raha lehilahin'Andriamanitra aho, dia aoka hilatsaka avy any An-danitra ny afo ka handevona anareo." Nanambara Andriamanitra fa izy *dia* lehilahin'Andriamanitra.

Manambara foana Andriamanitra. Hanambara ny fiainanareo. Tsy fantatro izay fanambaranareo, fa ny

fiainanareo dia miteny mafy tokoa, ka mety tsy ho re ny feonareo. Fa, ny—ny fiainanareo, ny fiainanareo isan'andro no hanambara hoe inona ianareo. Manambara Andriamanitra. Eny. Ny Fanahy Masina dia tombokase iray, ary ny tombokase iray dia mandray an'ireo lafiny roa an'ilay taratasy. Mahita anareo mitsangana *eto* izy ireo ary mahita anareo rehefa mandeha ianareo. Tsy ao am-piangonana fotsiny ihany fa amin'ny andro fiasana rehetra. Voaisy tombokase ianareo eo amin'ny lafiny roa, anatiny sy ivelany. Amin'ny alàlan'ny fifaliana izay anananareo, ary amin'ny alàlan'ny fiainana izay iainanareo, dia voaisy tombokase ianareo, anatiny sy ivelany, mba ahafantaranareo fa voavonjy ianareo ary fantatr'izao tontolo izao fa voavonjy ianareo, amin'ny alàlan'ny fiainana izay iainanareo, satria Andriamanitra no manambara. Isaorana anie Ny Anarany Masina! Oadray, mahatsapa ho mpivavaka aho!

77 Eritrereto izany, ry rahalahy, eo. Oh! "Ny Ondriko mihaino Ny Feoko, ary tsy hanaraka vahiny izy ireo." Oh, ahoana fa eo amin'ny felan-Tànany ireo anarantsika! Eo Anatrehany izany, andro aman'alina. Eo Anatrehany foana Ny Teniny, Ny Fampanantenany. Tsy afaka manadino an'izany Izy. Ary tia anareo Izy.

78 Ankehitriny, hanambara ny Azy manokana Izy. Tsy manokatra ny vavanareo ianareo ary tsy milaza teny iray, fa izao tontolo izao dia hahafantatra fa nisy zavatra nitranga taminareo.

> . . . manao *fanambarana, sady amin'ny* alàlan'ny *famantarana sy fahagagana, no amin'ny* alàlan'ny *zava-mahagaga, sy fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy Masina, araka ny sitrapony manokana?*

79 Ndao isika haka Soratra iray fotsiny ankehitriny mialohan'ny hamaranana; tamin'ny Andron'ny Pentekosta, rehefa nandray ny Fanahy Masina izy ireo. Teo amin'ny efatra andro taty aoriana, dia nandalo teo amin'ilay vavahady antsoina hoe Itsaraendrika i Petera; izy sy Jaona. Hoy izy ireo hoe, "Mijere anay," tamin'ilay lehilahy. Dia hoy izy hoe, "Tsy manana volafotsy sy volamena aho, fa izay ananako no homeko anao. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy avy any Nazareta, mitsangàna ka mandehana." Dia niandrandra ilay lehilahy ka tsy nanontany na inona na inona nikasika an'izany. Nitsangana fotsiny izy dia lasa nandeha. Lehilahy tsy mahay sy tsy nianatra izy ireo. Fa hoy ny Baiboly hoe, "Tsy maintsy nihaino tsara azy ireo izy ireo, satria fantatr'izy ireo fa efa niaraka tamin'i Jesosy izy ireo."

80 Rahalahy, rehefa fantatr'izao tontolo izao fa efa niaraka tamin'i Jesosy ianareo, rehefa afaka miaina tena fiainana iray tsy mifangaro ianareo ao amin'ity izao tontolo izao ankehitriny ity ary ao amin'ity aizina ity, ka mahafantatra izao tontolo izao ary afaka mahita fa efa niaraka tamin'i Jesosy ianareo; rehefa ny mpivarotena matanjaka iray, antitra ratsy eny an-dàlambe

no afaka ho lasa ramatoa iray, voasasan'ny Ràn'ny Zanak'ondry; dia manambara Andriamanitra fa velona Izy.

81 Raiso ny mamolava iray, izay tena ambany ka hiholakolaka amin'ny vadiny, izay ho ratsy fitondra an'ireo zanany, ka hanala ny sakafo avy eo amin'ny latabatra, handoavana mpivarotena iray. Avelao izy hihaona amin'i Jesosy indray mandeha. Hahita azy hiverina ianareo, tahaka an'ilay Legiona, izay tao amin'ny sainy tsara ary niakanjo, nankeo amin'ireo zazakeliny sy nankeo amin'ny vadiny ary nankeo amin'ireo malalany. Izany tokoa.

82 Indray andro lasa, teo amin'ny efapolo taona lasa teo izay, rehefa nihaona ireo fivavahan'izao tontolo izao, ka nitsangana ireo olona samihafa ary niresaka. Ary niresaka ho an'ny fivavahana Mohametana ilay Mohametana. Ny Jains niresaka ho an'ireo Jains; ny Bouddhista ho an'ny Bouddha. Fa rehefa ny dokotera kely iray, adinoko hoe iza no fanampin'anarany, amin'izao fotoana izao mihitsy. Fantatro ny anarany, saingy adinoko ilay izy. Niresaka izy mba haneho ny Kristianisma. Ary niteny an'ilay tantaran'i Ramatoa Maccabee an'i Oklahoma izy, any Amerika.

Tena masiaka sy tena ambany izy, hany ka rehefa nandeha namono azy aza izy ireo, dia tsy afaka nametraka ny tànany teo aminy akory aza, tena mahatsiravina sy ratsy izy. Nosamborin'izy ireo teo amin'ny fiampangana iray izy hoe: nifoka sigara; teo am-pamiliana sarety tarihin-tsoavaly iray; ary nandika an'ireo—ireo—ireo lalàna, ireo farany haingana any Oklahoma, rehefa nandeha teny an-dàlambe izy, namily sarety nisy lohan-tsoavaly efatra. Ary tena ratsy sy tena naloto izy hany ka tsy nety nankeo amin'izay nisy azy akory aza ny fiaraha-monina; tena betsaka, hany ka rehefa hamono azy ireo mpanatanteraka, dia tsy te-hanantona azy izy ireo. Nandraraka tara sy volom-borona teo aminy fotsiny izy ireo, mba hamono azy.

Ary rehefa nanolotra an'ilay tantara ity mpitory teny kely ity, tamin'ny fomba iray, hany ka nasainy nipetraka teo amin'ny faran'ireo sezany ny olona, nihaino an'izay hanaraka. Rehefa tonga teo amin'io izy hoe: tena ratsy, maloto, ambany, hany ka tsy te-hiadaladala aminy akory aza ireo lalàna, tena ambany izy. Ilay tena devolin'ny helo mihitsy dia handà ny olona tahaka an'izany, saiky, ilay fomba nilazany an'ilay tantara. Avy eo dia hoy izy hoe, "Tompokolahin'ny fivavahan'izao tontolo izao, manana zavatra iray afaka hanadio ny tànan-dRamatoa Maccabee ve ny fivavahanareo?"

83 Nipetraka tsara ny olona rehetra. Avy eo dia nitehaka ny tànany niaraka izy, ary nitsambikina teny amin'ny rivotra. Hoy izy hoe, "Voninahitra ho an'Andriamanitra! Tsy hanadio ny tànany fotsiny ihany ny Ràn'i Jesosy Kristy, fa hanadio ny fony Izany ary hanao azy ho Ny Ampakariny." Teneniko aminareo:

Fahasoavana mahagaga! tena mamy ilay feo,
Izay namonjy mahantra iray toa ahy!
Very aho fahiny, fa hita aho ankehitriny,
Jamba aho, fa mahita aho ankehitriny.

Fahasoavana no nampianatra ny foko hatahotra,
Fahasoavana no nanaisotra ny tahotro;
Tena sarobidy no nisehoan'io fahasoavana io
Tamin'ny ora vao ninoako voalohany!

84 Izany tokoa. "Ahoana no handosirantsika, raha tsy mitandrina tahaka an'izany isika?" Raha tsy mitandrina ny hihinana ianareo, dia ho faty. Raha tsy mitandrina eo amin'ny fihodinana ny zoron-dàlana iray ianareo, dia ho tra-doza. Raha tsy mitandrina ny hitery an'ilay ombivavy ianareo, dia ho lasa maina izy. Raha tsy mitandrina ny nifinareo ianareo, dia tsy maintsy hanongotra azy rehetra. Izany tokoa. Mandoa ny tsi-fitandremanareo ianareo.

85 O ry Branham Tabernacle sy ianareo vahiny, mamelà ahy hiteny zavatra aminareo ankehitriny. Raha tsy mitandrina hijoro vavolombelon'ny voninahitr'Andriamanitra ianareo, raha tsy mitandrina ny hanome ny dera sy ny voninahitra ho an'Andriamanitra ianareo, dia hahita ny tenanareo hangatsiaka, ara-pototra, ary miverin-dàlana, indray andro any. Omeo an'Andriamanitra ny dera. "Ahoana no handosirantsika, raha tsy mitandrina an'izao famonjena lehibe izao isika?"

86 Efa tara. Vao avy nahamarika an-dRahalahy Thom aho, izay niditra tery aoriana tery. Hamarana isika ary hanohy rahariva, raha sitraky ny Tompo.

Ndao isika hivavaka vetivety fotsiny.

87 Rainay any An-danitra, ho Anao ny fitahiana, sy ny dera, sy ny haja, sy ny voninahitra, sy ny fahendrena, sy ny faherezana, ary ny hery, mandrakizay sy mandrakizay. Oh, ho an'io Zanak'ondry izay mipetraka eo ambonin'ny Seza fiandrianana io, ny fanapahana sy ny fanjakana ary ny zavatra rehetra izay nomena ho eo an-Tànany. Rehefa nitsangana tamin'ny maty Izy, ho an'ny fanamarinana anay, dia niantsoantso tamin'izao tontolo izao Izy hoe, "Efa nomena eto an-Tànako ny fahefana rehetra any An-danitra sy ety an-tany. Mandehàna ianareo, noho izany, mankany amin'izao tontolo rehetra izao ka mitoria ny Filazantsara."

O ry Zanak'ondry malala teo am-pahafatesana, Ny Rànao sarobidy
Dia tsy hahavery ny Heriny mihitsy,
Mandra-pahatongan'ilay Fiangonan'Andriamanitra navotana rehetra
Ho voavonjy, tsy hanota intsony.

88 Ampio izahay, amin'ny maha-mpitoriteny, mba hahita fa hanao tatitra betsaka izahay; ahoana fa tsy maintsy manana

fiangonana iray izahay, tsy maintsy manana an'*ity* izahay, tsy maintsy manana ny zavatra rehetra izahay.

89 Ireo vehivavinay, alohan'ny handehanana any am-piangonana, na dia miantso ny tenany ho Kristiana aza izy ireo, dia tsy maintsy manana karazana akanjo manokana iray, na tsy maintsy miakanjo tena mahatsiravina.

Ary ireo mpitory teny dia tsy maintsy manana vola betsaka tokoa alohan'ny hahatongavan'izy ireo, ka ny zavatra rehetra dia tsy maintsy ho *izao-sy-izao*.

90 O Kristy, rehefa mamaky aho eto hoe, "Ahoana no nirenirenen'izy ireo, tao anatin'ny hoditr'ondry sy hoditr'osy, nipetraka tao anatin'ireo lavaky ny tany, sy zohy." Nirenireny izy ireo, teo ambanin'ny fanenjehana ratsy, ary, kanefa, nahazo ny Finoana, teo ambanin'ny asam-panompoan'ny anjely. Ahoana no handosiranay, nefa nanome anay trano tsara tarehy ny Tompo Jesosy, sy fiara, sy akanjo, ary sakafo? Nefa dia mimonomonona izahay. Mipetraka eo izahay. Kamo izahay. Tsy nanandrana nivoaka mihitsy izahay ka nanao zavatra mikasika an'izany. Ahoana no handosiranay, Andriamanitra?

91 Oh, mivavaka aho mba Handrehetanao faharesen-dahatra amin'ny fanao fahiny ao amin'ny fo rehetra, izao maraina izao, Tompo, mba ahafahan'ny olona hiakatra sy ho eo amin'izany. Avelao izahay hiasa raha mbola mihiratra ny andro, satria hilentika haingana ny masoandro. Ary ho lasa ny fandrosoana, ka tsy hisy andro intsony. Hitsonika ao anatin'ny Mandrakizay izy.

92 O Andriamanitra, ekeo androany ny mba handehananay miaraka amin'ny fijery vaovao, miaraka amin'ny fahendrena, miaraka amin'ny fahazoana, mba hahafantatra hoe ahoana no hanatonana an'ireo mpanota ka hitondra azy ireo eo amin'i Kristy. Henoy ny vavaky ny Mpanomponao, Tompo.

93 Manontany aho, raha misy anankiray eto, izay tsy mahafantatra an'i Kristy ho Mpamonjiny, hanangana ny tànanareo ve ianareo ka hanao hoe, "Tsarovy aho, Rahalahy Branham"? Hanangana ny tànanareo fotsiny ve ianareo, hanao hoe, "Tsarovy aho. Te-ho Kristiana iray aho. Tsy te-tsy hitandrina an'izany intsony aho"? Andriamanitra hitahy anao, iry aoriana iry, tompoko. Olona hafa iray? Manaova hoe, "Te-hanangana ny tànako aho, Rahalahy Branham. Ary te-hanaiky an'i Kristy aho, ho Mpamonjiko, efa tsy nitandrina aho, hatramin'izay. Oh, mandeha any am-piangonana aho, azo antoka, mikambana amin'ny fiangonana aho."

Hebreo, Toko Faharoa 1 MAG57-0825M
(Hebrews, Chapter Two 1)
Andian'Ny Bokin'Ny Hebreo

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy hatrany am-piandohany ny Alahady maraina, 25 Aogositra, 1957, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2018 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org